Gazetiko 25 TAONA ③

FIFANINANANA TONONKALO - IREO FOLO HOTSARAINAO MPAMAKY

TAOLAGNARO ④

# MPIAMBINA VOATAFIKA, NALAIN' IREO JIOLAHY NY VOAMASONY ROA

MARINA IZANY ! ⑪

## MANGINGINA !


# Gazetiko

www.gazetiko.mg


Fantina

TAMOTAMO ⑭

## AZO ITSABOANA NY HOMAMIADANA




Laharana 7538 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alarobia 05 aprily 2023


GAZETIKO 25 TAONA

## VAVOLOMBELON'NY TANTARA

⑦ ⑧ ⑨ ⑩

HORONAMPEON'NY FILOHA SY NY SEG NIPARITAKA ⑪

# MANAO FANADIHADIANA NY ZANDARY, OLONA AM-POLONY VOAKASIKA



FANDRARANA NY FAMORIAMBAHOAKA ⑪

## MANAHY KORONTANA HATERAK'IZANY NY FIANAKAVIAMBE IRAISAM-PIRENENA

BENNY - BEBEY - NINI KOLIBERA ⑤



## HIVAZO LOLO SY NY TARINY ENY ANOSIZATO

HAFAHAFA NY TOE-DRAHARAHA ⑪

# MISY MAMOAKA HATRANY NY TSIAMBARATELON' NY FIVORIAN'NY MPANOHANA FITONDRANA




Kitra - Tompondaka OPL 2022/2023

# Tafita amin'ny "Play Offs" ny FOSA Juniors Boeny sy COSFA Analamanga

Taorian'ny andro faha-11 nanaovana ny lalao fifanintsanana amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny " O.P.L 2022/2023 ", dia fantatra ny ekipa anankiroa, nahazo ny tapakila amin'ny fiatrehana ny "Play Offs", dia ny FOSA Junior Boeny sy ny COSFA Analamanga, izay samy ao anatin'ny "Conférence Nord" avokoa. Ny FOSA Junior dia manana isa 28 ary ny COSFA kosa indray dia 23, izay mitarika amin'ny laharana roa voalohany. Miady laharana roa ambiny kosa ny ekipan'ny AS Fanalamanga (17) sy ny AJESAIA (16) ary ny USCAFoot (15). Ao amin'ny " Conférence Sud " kosa indray dia mbola azo lazaina fa sarotra ny fandidiana, satria tsy mifanalavitra loatra ny isa azon'ny ekipa dimy voalohany. Misy amin'ny ekipa mbola tsy nahavita ny andro faha-8 sy faha-9 ary faha-10, izay hampitsimbadika ny isa azony sy ny filaharana raha mahazo fandresena amin'ny lalao ataony.

a.r

Kitra - Klioban'ny EFCA

# Mitady mpilalao 4 hatramin'ny 18 taona

Miroborobo ny fananganana sekolin'ny baolina kitra eto amintsika. Isan'ireny ny « Ecole de Football Christian kely » (EFCA) avy eny Antehiroka Ambohibao. Roa taona sy enim-bolana izao no nitsanganany, ahitana ny sokajin-taona rehetra. Miezaka manatsara hatrany ny mpitantana ny klioba, araka ny nambaran'ny filohany, Rakotoarimanana Christian. Anisan'izany ny fanatevenana ny mpilalao, eo anelanelan'ny 4 hatramin'ny 18 taona. Afaka miantso ny laharana 034 57 939 75 izay liana te hiditra ao aminy. Marihina fa efa manana klioba diviziona voalohany ny sekolin'ny baolina kitra, amin' ny alalan'ny EFCA Mi20. Tsy vahiny amin'ny taranja baolina kitra Rakotoarimanana Christian. Tao amin'ny Domoina Soavina Atsimondrano no tena nahafantarana azy. Efa voantso nandrafitra ny ekipam-pirenena koa ny tenany. Ny traikefa azony sy niainana tamin'izany no tiany hampitaina amin'ireo zandrikely aty aoriana, nahatonga izao fananganana sekolin'ny baolina kitra izao. Resy lahatra ny tenany fa mila miainga any amin'ny fototra ny fampianarana, raha tiana ny hahazo vokatra tsara. Mila finiavana sy fanetren-tena tokoa ny fitantanana sekolin' ny baolina kitra toy izao. Iaraha-mahalala fa isan'ny olana ngezabe sakana hatrany ny tsy fahampian'ny hoenti-manana. Betsaka ireo manan-kevitra sy fahavononana hanao zavatra, saingy rehefa tojo ny tsy fahampian' ny hoenti-manana dia rava hatreo ny nofinofy. Izay no iantsoana ireo olon-tsotra na orinasa hitondra fanampiana, indrindra ho an'itony olontsotra, manam-piniavana hampandroso ny taranja baolina kitra eto amintsika itony.

Rabenaivo

Kitra - Ligin' Itasy

# Niova endrika ny fiadiana ny tompondaka

*Fanovana mitondra amin'ny tsara no nentin'ny filohany, Andriamalala Adolphe izao.*



Isan'ny klioba miady ny anaram-boninahitra Itasy ny Fitama Mahitrondro.

Niova endrika ny fizotran'ny fiadiana ny tompondaka diviziona voalohany ho an'ny ligin' Itasy, tamin'ity taom-pilalaovana ity, taranja baolina kitra. 13 ireo klioba nifaninana, nozaraina vondrona roa, ka ny ao amin'ny Atsinanana dia ahitana klioba 7(Ojai ,Grenade, Academy foot, Zha Cft, Shalk ,Brinx, Grenade) sy Andrefana misy klioba 6(Jamaica Fc, Fitama , Fct, Boucher, Avenir, Mada City, Antanambao Fc). Natao lalao mandroso sy miverina ny fifaninanana isam-bondrona ka hatreto dia miovaova ary hifamptadiavana tanteraka ny fitarihana ny laharana voalohany vonjimaika. Ho an'ny vondrona Atsinanana, lalao 38 no vita hatreto raha 36 kosa ny avy ao amin'ny vondrona Andrefana. Alohany 15 jona izao no tombanana ho vita izany. Tsikaritra fa betsaka ireo tanora mandray anjara amin'ny fifaninanana any amin'ny ligin'Itasy, tsy maharaka kosa ny kianja hilalaovana, na dia eo aza ny kianjan'Analavory, Miarinarivo, Arivonimamo, Imerintsiatosika, Ampary, Ambohidanierana. Tsikaritra ho nampisy ambiansy an'ireo klioba mandray anjara ny fifaninanana karakarain'ny ligin'Itasy, niakatra ny fahaiza-manao an'ireo mpilalao. Ho fanomanana sahady ny fiatrehana ny D2 nasionaly no nahatonga ny mpitantana ny ligy hanao lalao maro ho an'ny klioba any Itasy. Vokadalao farany teo. Shalk ( 02)# (01) Academy foot, Brinx Arivonimamo (01) # (00) Grenade Imerintsiatosika, Aseffema Imerintsiatosika (03) # (01) Ojai Imerintsiatosika 0, Mada city Analavory (02) # (00) Avenir Analavory, Fitama Mahitrondro (01) # (00) Jamaica Fc Analavory. Fandaharan-dalao. 5/4/23 Imerintsiatosika 05 /04/2023, 1 ora Aseffema vs Zha CFT, 3ora OJAI Imerintsiatosika VS FOOT Academy. 6/4/23 - kianja Analavory : 1ora - Fitama Mahitrondro VS Avenir Analavory, 3 ora: Fct Analavory VS Mada City Tsarazaza. O8 /04 - Kianja Miarinarivo - 2ora: Antanambao fc VS FCT Analavory.

Rabenaivo


MINISTERE DE L'EDUCATION NATIONALE

COMMISION NATIONALE MALGACHE POUR L'UNESCO

***L'INITIATIVE YOUTHMOBILE MADAGASCAR VALORISE LE GÉNIE CRÉATIF DE LA GENT FÉMININE***

La Commission Nationale malgache pour l'UNESCO (ComNat UNESCO) est un organisme interministériel présidé par le Ministère de l'Éducation Nationale (MEN) dont la mission est d'assurer la coordination nationale des programmes et projets concrétisés à Madagascar en lien avec l'UNESCO.

Depuis quelques années, l'UNESCO déploie l'initiative YouthMobile dans plusieurs pays à travers le monde, avec pour objectif l'inclusion numérique de la gent féminine, qui contribue de manière significative à l'atteinte des Objectifs du développement durable (ODD). À Madagascar, ce programme est réalisé en partenariat avec la ComNat UNESCO et Orange Digital Center.


Proposer des solutions numériques pour atteindre les Objectifs de développement durable à travers le développement d'application mobile. Telle est la grande ligne de l'initiative YouthMobile qui a fait l'objet d'un appel à candidatures au mois de septembre 2022 sur les réseaux sociaux à l'endroit des jeunes passionnés de TIC, âgés entre 18 et 30 ans. Les thématiques des projets en question se focalisent sur l'ODD5 : Égalité entre les sexes ; l'ODD10 : Inégalités réduites ; l'ODD16 : Paix, justice et institutions efficaces.

Au mois d'octobre 2022, les membres du jury ont sélectionné 150 groupes issus des quatre coins de la Grande île pour suivre une formation en ligne avec 13 modules d'une durée de trois semaines.

Dans la foulée, 4 meilleurs projets ont accédé à la phase finale lors de l'événement Hackathon Hack4Peace - un concours de projets encourageant les jeunes à agir concrètement en faveur du développement, de l'inclusion et de la paix - qui s'est déroulé à Antananarivo au mois d'octobre 2022. Ils ont suivi une deuxième séance de formation d'une durée de trois jours, avec comme contenus majeurs l'Entrepreneuriat, le Pitch et les Objectifs du développement durable.

Vers mi-avril 2023, Orange Digital Center débutera un coaching entrepreneurial pour l'incubation des équipes lauréates et l'Antenne de l'UNESCO à Madagascar dispensera une formation sur les thématiques de l'UNESCO aux jeunes bénéficiaires.

D'autre part, une formation et un accompagnement seront également assurés par la Commission Nationale Malgache pour l'UNESCO pour les 4 équipes lauréates de l'initiative YouthMobile 2022 et les 3 équipes de l'édition 2021, notamment Broka, She'ld et Ny Hoaviko, sur le développement de leurs applications mobiles afin de les publier et les rendre fonctionnelles sur les plateformes de type Google Play.




***Les projets lauréats du concours YouthMobile 2022***

**1er prix : Intimacy (Antananarivo)** – 6 000 000 Ariary

Intimacy est une application mobile qui vise la promotion de la femme. C'est un outil pour éduquer, informer et soutenir les jeunes filles et les femmes au quotidien.

**2è prix : Woman's (Antsiranana)** – 3 000 000 Ariary

Woman's - à travers Ampela Soa - accompagne les femmes dans leur santé sexuelle. Cet outil numérique permet de mieux suivre les cycles menstruels et l'hygiène menstruelle et, par la même occasion, de s'informer sur le planning familial.

**3è prix : Jampela (Toliara)** – 2 000 000 Ariary

Jampela veut briser les tabous en ce qui concerne la vie intime des femmes. L'application donne des conseils sur l'efficacité de la contraception dans un souci de réduire les grossesses non désirées.

**Coup de cœur : Fight Girls**

Le projet LawCode de Fight Girls veut contribuer à faire connaître les lois en vigueur à Madagascar aux citoyens malagasy. « *Nul n'est censé ignorer la loi* », dit-on.

MINISTERE DE L'EDUCATION NATIONALE
Trano Beribory Anosy
Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena Ofisialy
Numéro vert : 020 30 507 86
www.education.gov.mg

G CL 406/31-10

Filma gasy

# Handeha hitety fokontany eran' Antananarivo "Raini-dedaka"

*Misokatra amin'ireo fokontany, indrindra ny Epp, manerana an'Antananarivo renivohitra ny fiaraha-miasan'ny fikambanana amin'ny fandefasana ity " Raini-dedaka " ity.*



**Ireo mpilalao fototry ny " Raini-dedaka ".**

Raini-dedaka. Io no lohatenin'ny horonan-tsarimihetsika novolavolain'i Anjara Rasoanaivo sy Holy Danielle Rabehaja, nampian'i Riri sy Barhone mpanao hatsikana, ary novokarin'i Beyond Mada. Filma mahatsikaiky hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany izy io nefa azo isintonana lesona ihany koa. Mpanao hatsikana rahateo no mpilalao fototra, izay ahitana an'i Riri (Etsetra) sy Barhone ary Noely. Araka ny fanazavana dia tsy harakitra an-kapila ato ho ato na koa handeha eny amin'ny trano lehibe fijerena sarimihetsika akory i « Raini-dedaka », fa hoentina hampialavoly ny zana-bahoaka eny anivon'ny fokontany. Izany hoe hanakaiky vahoaka kokoa izy, ka tafiditra anatin' ny tetikasa iray antsoina hoe « sinem-pokontany » iarahan'ny fikambanana Imaso Ivoho Madagasikara sy ny kaominina Antananarivo Renivohitra. Koa amin'izao fanombohana izao dia misokatra amin'ireo Epp ao anatin'ny fokontany 192 ny fiaraha-miasan'izy ireo. Izany akory tsy manakana izay rehetra liana amin'ity tetikasa « sinemam-pokontany » ity manerana ny Nosy. Na sekoly, na fiangonana na fikambanana dia misokatra ny fiaraha-miasa araka ny fanazavan'i Anjara Rasoanaivo.

**Mampiray ny mpianakavy**

*« Ny sinema dia fialamboly mahafinaritra, mampiray ny mpianakavy, ny mpiray tanàna ary ny fiarahamonina. Rehefa tapitra ny filma dia mitohy ny resaka sy ny ady hevitra eny rehetra eny. Ny fahitanay izay lanjan'ny sinema eny anivon'ny fiarahamonina malagasy izay no nahatonga anay nanao ity tetikasa ity. Ka ny tanjona dia hampialavoly ny rehetra, fa etsy ankilany hitondra hafatra sy fitaizana ihany koa rehefa avy mijery filma »,* hoy i Anjara Rasoanaivo. Araka izany, tsy hampivanitika fotsiny ry Raini-dedaka fa hitondra hafatra mafonja ary ho zary ohatra eny anivon' ny fiarahamonina indray. Mba hahatrarana ny tanjona dia voalaza fa natao mirary ho takatry ny sarambambebahoaka ny saram-pidirana ary mbola hahazo tombony ihany koa ireo mpiara-miasa rehetra.

**Fy**

Poety Rebely

# Masaka ny nahandro, hivoaka ny rakipeo "Anindaotse"



**Ny Seho hitranga amin'io fotoana io dia hanomezan'i Poety Rebely toky fa hiavaka dia hiavaka tokoa.**

Eo am-panomanana ny fivoahan'ny rakipeo vaovao sady voalohany amin'izao fotoana izao i Olsine Rasoanaivo, fantatry ny maro amin'ny hoe Poety Rebely amin'ny maha poety (Poetesse) azy. Raha ny fanazavany dia ny 20 aprily izao hanomboka amin'ny 7 ora hariva no hamoahana azy amin'ny fomba ofisialy ao amin'ny efitrano malalaka fandraisana lanonana etsy amin'ny "Hotel de Ville" Analakely, izay efa nahazo fankatoavana tamin'ny "Direction des Arts, Culture et Vie Communautaire" ao amin'ny CUA, ny hetsika "Anindaotse", lohateny nampitondriany ny rakipeo. Rakipeo izay natao anaty USB mba hanamorana ny fitondrana azy ary azo henoina amin'ny fotoana rehetra. Io rahateo no manaraka ny filana amin'izao fotoana sy manaraka ny teknoljia vaovao. Mankalaza ny faha-13 taona naha mpanao Slam-Poezia azy moa i Poety Rebely ankehitriny ary mifanandrify amin'izany ny famoahana ity rakipeo ity. Mitsinjara 13 miavaka tsara ny ao anatiny, izay entiny manandratra ny maha malagasy sy ny kolontsaina malagasy ao anatin'ny sehatry ny " slam " sy ny "poezia". "Tamin'ny alalan'ny teny no nampahafantarako ny kantoko ka rariny raha rakipeo no hatolotro ny mpankafy fa tsy boky na zavatra hafa", hoy Poety Rebely. Teny gasy no nampiasaina amin'ny ankapobeny fa misy teny frantsay madinika any antsefantsefany eny mba hanaporofoana ihany koa fa tsara ny mahay teny vahiny. Araka izany dia afaka mihaino azy avokoa ny karazan'olona rehetra ka tafiditra ao anatin' izany ireo sahirana ara-pahitana.

**Mila fanasana manokana**

Hanasany rehetra moa ny fivoahan'ny rakipeo "Anindaotse", saingy mila maka fanasana manokana izany satria voafetra ihany ny toerana ary efa misokatra ny fisoratana anarana momba izany. Mandritra ity fotoana ity ihany koa no hahenoana poety 3 voarakitra anaty rakipeo, izay arahiana zavamaneno sy dihy ataon'ireo mpitendry efa matihanina sy mana-talenta. Nilaza moa i Poety Rebely fa ny seho hitranga amin'io fotoana io dia hanomezany toky fa hiavaka dia hiavaka tokoa. Andry Kossel, namokatra ity sangan'asan'i Poety Rebely ity no hitendry amin'io fotoana io. I Nazaria Tooj kosa no hitondra ny traikefany eo amin'ny dihin'ny tanan-dehibe ( danse contemporaine).

**Tiaray R**

## Gazetiko 25 taona

### FIFANINANANA TONONKALO IREO FOLO HOTSARAINAO MPAMAKY

*440 ireo tononkalo voarainay. Ny 57 amin'ireo tsy nahafeno ny fepetran'ny fifaninanana. Ireto ny tononkalo 10 (folo) nahazo isa tsara hotsarainareo mpamaky hahitana ny mpanoratra 5 (dimy) mendrika indrindra hahazo loka. Misaotra anareo rehetra nandray anjara tamin'ny lalaontsika. Tsiahivina fa hisy ihany koa ny loka ho an'ny mpamaky 5 (dimy) mendrika indrindra*

**Tononkalo T1**

**"Gazetiko 25 taona"**

Izahay mpamaky faly miarahaba etoana
Amin'izao taon-jobily volafotsy izay tsaroana.
Gazety iray miavaka ahitana vaovao
Torohevitra, tantara ao koa ireo lalao.
Enga anie ka hihatsara, izay no firariantsoa.
Ho gazety tokana tena miavaka tokoa,
Dia ho tratry ny ela indrindra haharitra hatrany
Satria gazety tsara rindra izany hoe Gazetiko izany

**Tononkalo T2**

**Ilay Gazetiko**

Zava-misy, pôlitika, samihafa, kolontsaina…
Ao anaty pejy valo isan'andro tantaraina
Soa zaraina maro, sarobidy, tsy voavidy
No maharaka vaovao, ala voly no lalao !
Nanovozako harena, fahalalana sesehena,
Nampitombo ny fahaizako sy ho solika fitaizako.
Hirariako ho lavorary, hotahian'Ilay Nahary
Ilay Gazetiko hampiray, ny dimampolo ho avy indray…

**Tononkalo T3**

**25 taona**

Gasikara no niaingana tamin'ny asan-tserasera,
Ary tao no nahitana tolotsaina lany era,
Zanahary no nitahy ka tratr'ity tsingerin-taona,
Ezaka tokoa ry lahy no vita hatreto ka tsaroana.
Tao anaty taona maro : roapolo dimy amby
Io Gazetiko io fantaro : nahavita ny fanamby
Ka ny taona izay ho avy mbola hiroborobo hatrany,
O ! ry Tompo o ! Miangavy raha sitrakao izany !

**Tononkalo T4**

**25 taona**

Dimy amby roapolo taona
Toera-maro no voatetiko
Fa n'aiza n'aiza tafahoana
Sy mamaky anao GAZETIKO
Isan'andro be mpitaky
Ny GAZETIKO, aiza ianao ?
Fa mahaliana ny mpamaky
Ny andinin-tsoratrao !

**Tononkalo T5**

**Gazetiko 25 taona : mamiko !**

Novakiako teny foana tamin'ny teny malagasy
Tena vitako latasy
Ilay mpampita vaovao
Mba ho ahy sy ho anao.
Fa hatramin'ny fony kely, 25 taona lasa,
Raha mba nisy vola kely nomen'i Dada avy niasa
Ka nividianko hanin-kely sy ilay zavatra mba nentiko
Tena mamy toa tantely ny namaky ilay Gazetiko.

**Tononkalo T6**

**Gazetiko 25 taona**

Hiorim-paka lalandava r'ilay Gazetiko lalaiko,
R'ilay vinidiko isan'andro mahamirana ny saiko,
Ahitana vaovao, ezahiko mba hofantarina
Ahafantaran'ny rehetra ny zava-misy marina!
Dimy amby roapolo taona no efa nahalalako anao
Mandraka androany mbola misy hatramin'izao,
Tsy ho lefin'ny fotoana, ho tojo hatrany am-parany any
Mahaleova mahalasana, eny hijoro hatrany hatrany !

**Tononkalo T7**

**Ny Gazetiko**

Dimy amby roapolo taona nijoroana teo ho anao
Ny Gazetiko mpizara ny andinim-baovao
Amin'ny teny malagasy ranoray no sady marina
Mitantara "zava-misy", "politika" ilaim-pantarina.
Ny "Samihafa" izay mitranga ary koa ny "Kolontsaina"
Ireo fanatanjahantena sy Ala voly isa-maraina
Ny Gazetiko sakaiza, gazety iray mora vakiana
Dimy amby roapolo taona nahafa-po sy nahaliana.

**Tononkalo T8**

Ny Gazetiko arahabaina tratry ny tsingerin-taona !
Roapolo dimy amby nikelezana aina foana,
Ka nanao ho tarigetra hanambara izay mitranga
Amin'ny olona rehetra na inona na inona saranga !
Izao tsingerin-taona izao no ankalazaina eto anio
Fa ny asa izay hatao mbola hitohy ka tadidio.
Enga anie homen'ny Avo tolo-tsaina ireo mpiasa
Ka mba samy ho ravoravo amin-javatra kinasa!

**Tononkalo T9**

**Gazetiko 25 taona**

Sesehena ireo gazety mpiseho isa-maraina
Fa hafa ihany ny Gazetiko manintona ny saina
Roapolo miampy dimy no efa niorenany
Mahaliana hatrany hatrany ny vaovao izay fantenany
Rariny aho raha hiarahaba ary koa hirary soa
R'ilay Gazetiko isan'andro ankafiziko tokoa
Haharitra ela indrindra e ary koa hotsofin-drano
R'ilay Gazetiko atonta eny Ankorondrano.

**Tononkalo T10**

**Gazetiko**

Feno dimy amby roapolo taona i Gazetiko
K'izay fantatro momba azy no mba entiko.
Izy dia milaza zava-misy, ala voly, samihafa
Mitahiry kolontsaina tsy atakaloko ny hafa
Eny, fanatanjahantena, fanabeazana pôlitika
Trangam-piarahamonina ampitainy amintsika.
Gazetiko ! Ilay fitaovan-tserasera tena tsara
Mametraka tantara ho an'ny dimby sy ny fara!

## Gazetiko 25 taona

### FIFANINANANA TONONKALO

**TAKELAKA FANDRAISANA ANJARA**

**FANONTANIANA**

- Iza ny tononkalo heverinao fa tsara indrindra amin'ireto folo ireto ?

T1☐ T2☐ T3☐ T4☐ T5☐ T6☐ T7☐ T8☐ T9☐ T10☐

Mariho X ny safidinao. Iray ihany no marihina. Tsy ekena ary tsy manan-kery ny mitakosina

**FANONTANIANA FANAMPINY**

- Firy ny isan'ny mpandray anjara mitovy hevitra aminao ?

Soraty ao anaty toerana voatondro amin'izany :

.......................................................................

Anarana : ..........................................................................

Fanampin'anarana : ..........................................................

Adiresy : ............................................................................

Laharana finday : ...............................................................

*Aterina aty amin'ny Gazetiko enceinte midimadagasikara Ankorondrano Antananarivo Renivohitra farafahatarany ny ZOMA 07 APRILY 2023 hatramin'ny 05 ora hariva ity takelaka fandraisana anjara ity.*

Taolagnaro

# Mpiambina voatafika, nalain'ireo jiolahy ny voamasony roa

*Mbola nofirain'ireo jiolahy tamin'ny famaky ihany koa ny lohan'ilay mpiambina.*

Naratra mafy ary mbola manaraka fitsaboana any amin'ny hopitaly amin'izao ity rangahy mpiambina ao amin'ny sekoly iray ao Ranopiso-Tolagnaro ity. Araka ny fanazavana dia notafihan'ny jiolahy izy ny faran'ny herinandro lasa teo iny. Nofirain'ireo olon-dratsy tamin'ny famaky ny lohany ary tsy vitan'izany fa noloarany ny maso ary nalainy ny voamasony. Rehefa izany dia lasa nitsoaka nandositra izy ireo. Ilay mpiambina efa naratra nihosin-drà no nisy nahita. Nampandre avy hatrany ny mpitandro filaminana ny tomponandraikitra tao amin'ny sekoly. Nalefa notsaboina haingana tany amin'ny hopitaly ilay rangahy.

**Mihorohoro**

Araka izany dia mbola mitohy foana ity halatra maso any amin'ny faritra Atsimon'ny nosy iny ity. Toy izany ihany koa ny fangalarana zaza varira. Mihorohoro tanteraka ny mponina manoloana izany. Raha ny mason' ireo zaza varira mantsy no fantatra fa tena tadiavin'ireo olon-dratsy teo aloha dia tsy mifidy intsony izy ireo amin' izao raha araka ity tranga ity. Ny tena mampihoron-koditra dia loaran'izy ireo manta be fotsiny izao ny mason'ilay olona ary aorian'izay dia lasa jamba tanteraka. Efa maro ihany koa olon-dratsy voasambotry ny mpitandro filaminana mikasika ity halatra maso sy zaza varira ity saingy mbola misy foana ny mpanao izany.

R.C

Andoharanofotsy

# Fatin-jazakely norotidrotehin'ny alika

Niparitaka teo amin'ilay toerana nahitana ny razana ny tanana sy ny lohany ary ny vatan'ilay zaza, izay efa nisaratsaraka norotidrotehin'ny alika. Teny Andoharanofotsy no nitrangan'izany afakomaly maraina. Olona sendra nandalo no taitra raha nahita tanana sy lohan-jazakely niparitaka. Toerana roa samihafa tsy dia nifanalavitra loatra no nahitana ny lohany sy ny vatany. Izany hoe mety nohanin'ny alika dia nentiny lavitra. Nampandrenesina haingana ny manodidina ka vetivety dia vory ny olona nijery ny zava-nitranga. Nantsoina ny mpitandro filaminana. Raha ny fanazavàna azo dia tombanana ho zaza vao teraka mihitsy ity nisy nanary ity ary izao nohanin'ny alika izao. Tsy mbola fantatra kosa anefa ny renin'ity zaza ity ary tsy nisy nahatsikaritra ny nanariana ilay fatin-jaza. Efa eo ampelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana sy ny fikarohana.

R.C

Farafangana

# Dahalo vao 20 taona monja maty voatifitry ny zandary

Dahalo maromaro avy nangalatra omby no nifanehatra tamin'ny zandary nanao fiambenana kizo tao Ampataka-Etrotroka, any Farafangana, ny sabotsy alina lasa teo. Nitsoaka nandositra avy hatrany izy ireo saingy nanaovana tifi-danitra mba hijanona fa tsy nety. Voatery nitifitra ny zandary ka voa tamin'izany ity tovolahy iray vao roapolo taona monja anisan'ireo dahalo. Tafaporitsaka tao anaty haizina kosa ireo namany. Tavela ny omby roa avy nangalarin'izy ireo. Fantatra tamin'ny fanadihadiana natao fa mponina avy ao Agnalavory, kaominina Etrotroka, ity dahalo maty ity. Ireo omby halatra kosa dia fantatra fa anisan'ireo omby very tao Ambalakazaha ny 22 martsa lasa teo. Efa naverina amin'ny tompony moa ireo omby ireo. Mbola mitohy hatrany kosa ny fikarohana ataon'ny mpitandro filaminana ireo dahalo tafatsoaka amin'izao fotoana izao.

R.C

Itaosy

# Rava ny fikambanan-jiolahy mpamaky trano

Niainga tamin'ny fitoriana mikasika vaky trano tamin'ny alatsinainy tao Ambohidahy Bemasoandro Itaosy ny raharaha nahaverezana voninkazo lafo vidy (Antirium) tao anaty vazy miisa 25. Rehefa natao ny fanadihadiana sy fikarohan'ny alika mpitsongo dia telo lahy no voasambotra voalohany. Izy ireto dia tratra ambidomby mihitsy teo ampifohana rongony tsy lavitra ilay trano nisy namaky. Nitokona tsy nety niala teo ny alika ka noraisim-potsiny ireto olon-dratsy. Rehefa nosavaina izy ireo dia nahatratrarana rongony tao am-paosiny. Natao famotorana tany amin'ny biraon'ny zandary Bemasoandro. Nandritra izany no nahafantarana fa izy telo lahy dia anisan'ny namaky ilay trano sady niaiky ny heloka vitany sy nanoro ny namany.

**Tratra tao an-trano**

Olona efatra hafa no nokarohina taorian'izay, izay mponina ao amin'io fokontany Ambohidahy io avokoa. Napetraka ny vela-pandrika ary nanao fidinana teny ifotony ny zandary, omaly maraina. Voasambotra ny telo lahy fa tafatsoaka kosa ny anankiray . Olona 7 no tra-tehaka tamin'ity raharaha vaky trano sy fidorohana zava-mahadomelina ity ary mbola misy ireo karohina amin'izao fotoana izao. Notazomina natao andrimaso izy ireo miandry ny fiakaran'ny raharaha eny amin'ny fampanoavana. Ny Tobimparitra zandarimaria nasionaly Itaosy no misahana ny fanadihadihana.

Ariel D.

Vohémar

# Voaroban'ny jiolahy ny biraon'ny minisiteran'ny Serasera

Nidiran'ny jiolahy tao amin' ny biraom-paritry ny Ministeran'ny Serasera sy ny Kolontsaina any amin'ny distrikan'i Vohemar, afak'omaly hariva. Novakian'ireo olondratsy ny trano ka norobainy tao ny entana nipetraka tao amin'ny « Studio » Rnm Sy Tvm . Anisan'ny very ny fitaovam-piasana " Caméra » miisa 2, solosaina miaraka amin'ny speaker, finday, ...sns. Nikorontana ambony ambany ny entana rehetra tao anatin'io birao io, ahiana ho nisy dosie na taratasimpanjakana nalaina na nopotehin'ireo jiolahy ihany koa. Hatreto dia tsy misy ny olona ahiahiana na nosamborina fa anatin'ny fikarohana ny marina ny mpitandro filaminana.

**« Barre à pince »**

Ilay delegem-paritry ny serasera sy ny kolontsaina any an-toerana no niantso sy nampandre avy hatrany ny zandary, taorian'ilay asa ratsy. Araka ny fampitambaovao azo avy dia lasibatry ny fandrobana ihany koa tao amin'ny biraon'ity mpiasampanjakana ity. Nandritra ny fizahana nataon'ny zandary no nahitana fa nopoirin'ireo jiolahy tamin'ny « barre à pince » ny varavarankelin' ilay birao ka izany no nahafahan'ireo mpandroba niditra tao. Misy ny fidinana ifotony nataon'ny mpitandro filaminana. Efa mandeha ny fanadihadiana mikasika ny raharaha itambaran'ny polisy sy ny zandary ao Vohemar.

Ariel D.

midigazetikom@gmail.com


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Debara, fanaka, boky, pièces, vy, kilalao, TV, frigo. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 509/20-12)

* Debara, fanaka, TV, frigo, vy, kiraro, boky, kilalao. Mendrika. Tél : 034.68.015.70. (G-BA 521/15-2)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 519/20-2)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 517/10-4)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy " coupe Homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 517/10-4)

### SERVICE VIDANGE

* Fosse septique, puisard Makiplast, perdu, wc 101, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 508/15-13)

* Manao asa momba ny vidange, wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 518/6-2)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 518/6-2)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 518/6-2)

### SERVICE

* Vidange wc & puisard, construction, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (M-BA 405/13-5)

* Vidange fosse, wc perdu, puisard, plomberie, réparation, curage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 520/6-2)

* Manamboatra, manome toro-hevitra : frigo, congélateur etc. Merci. Tél : 034.14.113.95. (G-BA 522/11-1)


## Manal azy de mimeme



**HOTSAKOTSAKOINA**

"Isika dia toy ny mizatra asa iray tsy manavanana, ka ny fahoriana no mpampianatra, ny hirifiry no mpifehy. Na iza na iza dia tsy hahay na hahafantatra akory hanatanteraka ny asa raha tsy efa zatra ory, ka tsy izany va ilay sekoly? " Ny Vetso (08.02.14)("L'homme est un apprenti, la douleur est son maître, nul ne se connaît tant qu'il n'a pas souffert.")

ColombeS Ran

## Nakambany tamin'ny tantara an-tsehatra iray ireo hira dimy vao navoakany



Niarahan'i Colombes nihira tamin'i Ken ny hira voalohany.

Vao haingana i ColombeS Ran no niditra teo amin'ny sehatry ny hira. Efa manana hira dimy izy amin'izao ary nentiny nampahafantarina tamin'ny rehetra izany tamin'ny alalan'ny "comédie musicale" nataony tetsy amin'ny IFM. Niavaka be moa io seho nataony io, satria nankambany tao anatin' izany avokoa ireo hirany dimy ireo, izay nifampitohy tsara mihitsy koa. Raha fintinina kely moa izay tantara an-tsehatra izay niaraka tamin' ireo hira dimy ireo dia toy izao ny fivoakany: ny hira voalohany nitondra ny lohateny hoe "TIA" ... Nivady izy roa. Nitohy tamin'ilay hirany faharoa "Tokam-po" izany avy eo... Ary nandeha teny ny fotoana dia nisy ny nanadala fa tsy azon'ny fankam-panahy anefa fa vao mainka nanamafy ny fitiavana izy roa izany. Ny hira fahatelo mitondra ny lohateny hoe:"Fanantenana" .. Noho ny ditra sy ny revy dia voan'ny "accident" ilay lehilahy. Naratra mafy ka tafalatsaka tao anaty "Coma". Nifoha, ka velona ihany izy. Ilay hira fahefatra, "Nahoana"... Namitaka, nampirafy ilay lehilahy. Mitaraina sy tezitra ilay vehivavy. Ary ny farany dia ny hoe "Lasa any".. Niverina tamin' ny ditrany teo aloha ilay lehilahy... Ka nanao lozam-pifamoivoizana tamin'ny "moto" ka tsy nifoha intsony. Tantara nalaina tamin'ny tantara tena nisy moa izy io, hoy izy, ary dia noezahina nolalaovina teny an-tsehatra sady nanfangaro tamin'ny dihy ihany koa. Vao sambany izy no nanao izao kanefa dia nahazaka olona maro be ary maro ireo liana tamin'ny seho nataony. Mbola vao mikononkonona zavatra hafa indray izy amin'izao ary dia ho hita miandalana eo ny vokatra vaovao.

**Tanya. R**

Mozika HH

## Hiaka-dapa etsy amin'ny Karafi i Zandrilah


Hanolotra seho miavaka tsy misy vidim-pidirana i Zandrilah.

Seho miavaka no atolotr'i Zandrilah etsy amin'ny Karafi Ankadimbahoaka, ny zoma izao hanomboka amin'ny 5 ora hariva, ao anatin'ilay hetsika "HH session improve". Manana ny fomba fijeriny manokana mikasika ny fitaizana sy ny fanabeazana mety sy mahasoa izy ka any anaty tonon-kira no anambarany izany. "Nofy tsy tanteraka", "Madagasikara", " Ilay tokako" samy hira nahafantarana azy ireo ary nampalaza azy teo amin'ny tontolon'ny gadon-kiran'ny tanan-dehibe, toy ny Rap sy ny HH. Misy ihany koa anefa ny hira niarahany tamin'ireo mpanakanto miangaly gadona Rap hafa. Efa nisy ihany koa ny rakikiran'i Laz hoe "Lazao azy" izay nametrahany ny dian-tanany. Fa amin'ity seho etsy amin'ny Karafi etsy Ankadimbahoaka amin'ny zoma hariva ity dia ho avy ao ihany koa ny mpiangaly Hip Hop hafa, toa an-dRy "Mainty 105", Ti-Ah, ary Skinto sy Laz. "Minitra fahanginana" moa no hira niarahan'izy ireo nihira tamin'i Zandrilah. Samy hanao ny hira nahafantarany azy aovokoa ry zalahy ireo. Tsy misy moa ny vidim-pidirana fa ny fanjifana ireo tolotra zava-pisotro sy sakafo efa omanin'ny toerana no solony.

**Tiaray R**


Benny, Bebey, Nini Kolibera

## Hivazo Lolo sy ny Tariny eny Anosizato


**Ho hafa noho ireo fampisehoana efa nataon'i Benny sy Bebey ary Nini Kolibera no hitranga eny Anosizato.**

Hanakoako ao amin'ny Santilo eny Anosizato indray ny hiran-dRy Lolo sy ny tariny ny zoma izao hanomboka amin'ny 7 ora hariva. Benny sy Bebey ary Nini Kolibera no hamelona indray an-dry "Lemizo", "Izaho tsy maintsy mihira", "Bonbon Gasy" sy ny maro hafa. Tsy zoviana amin'ny maro intsony fa efa betsaka ny toerana nitondran'izy telo lahy ny hiran'ny Lolo sy ny tariny teto Antananarivo sy ny manodidina, saingy seho anaty ambiansy hafa mihitsy no hatolotr'izy ireo ny mpankafy eny Anosizato amin'io zoma io. Zoma faran'ny herinandro io hanalana vokona amin'ny asa nandritra ny herinandro ary fanomanana ihany koa ny herinandro vaovao. Ny tena hampiavaka ity seho ity dia izy tsy misy vidim-pidirana, saingy ny tsy maintsy mandray anjara amin'ireo tolotra sakafo sy zava-pisotro maro isan-karazany efa omanan'ny toerana ho solony. Tsy ho diso safidy izay hanokana fotoana eny amin'ny Santilo eny Anosizato amin'io fotoana io.

**Tiaray R**


JIRAMA

JIro sy RAno MAlagasy

**FAMPAHAFANTARANA**

Ho fanarahana ny toromarika napetraky ny ARTEC (Autorité de Régulation de technologies de Communication), dia hamoraina ho tarehimarika telo ny laharana maitso ka voakasik'izany ny an'ny orinasa JIRAMA.

Manomboka izao ary dia hiova ho 547 ny 3547. Maimaim-poana hatrany kosa anefa ny fiantsoana ary mandray anao 24 ora amin'ny 24 ora mandritra ny 7 andro ary manerana an'i Madagasikara.

Tanjona amin'izao fanovàna izao ny hanatsarana ny fifandraisana amin'ny mpanjifa sy ho fitsinjovana azy ireo.

**INFORMATIONS**

Suivant la réforme instaurée par l'ARTEC (Autorité de Régulation de technologies de Communication), l'appel du numéro vert, dont celui de la JIRAMA, est facilité en trois chiffres.

Désormais, le 3547 devient 547. Cependant, l'appel reste gratuit et la ligne est disponible 24/7 sur le territoire national.

Cette réforme vise à améliorer et préserver la relation client.

G CL 462/15-9

Mpanondrana lavanila

# Nifamory tao Antalaha, mitaky fanalalahana tanteraka

*Natolotra hodinihina eo anivon'ny filankevitry ny governemanta.*

Mikorontana tanteraka ny seha-pihariana lavanila eto Madagasikara. Nifamory tao Antalaha ireo mpanondrana lavanila afak'omaly. Taorian'ny fifanakalozan-kevitra sy ny fitadiavam-bahaolana nandritra ny tontolo andro naninjitra, dia niray feo ireto farany fa halalahana tanteraka ny famokarana sy ny fikirakirana ary ny fanondranana lavanila eto Madagasikara. Tafiditra ao anatin'izany ny fanafoanana ny fetram-bidy napetraky ny fanjakana niaraka tamin'ny CNV, na ny filankevitra nasionaly misahana ny lavanila, ny fanalalahana ny fividianana sy ny fanondranana amin'ny alalan'ny fanesorana ny fanomezan-dalana na ny "Agrément", sns. Natolotr' ireto mpanondrana lavanila teo anivon'ny Minisiteran'ny Fampiroboroboana ny Indostria sy ny Varotra ary ny Fanjifana ny fehin-kevitra niarahan'izy ireo nanapaka mba hoentina hodinihina eo anivon'ny filankevitry ny governemanta. Raha hiverenana ny zava-nisy dia tsy nahafa-po ireo mpandraharaha lavanila ny fepetra noraisin'ny fanjakana hifehezana ity seha-pihariana ity. Niroso tamin'ny fitokonana fanairana ireo mpandraharaha tany Sambava. Namaha olana avy hatrany ny fitondram-panjakana, ka nanalefaka tamin'ny ampahany ireo fepetra noraisina. Andro vitsy taorian'io fotoana io anefa dia nitokona koa ireo mpandraharaha tany Mananara Avaratra. Andrasana araka izany ny valintenin'ny fitondram-panjakana manoloana ity hevitra notapahin'ireo mpandraharaha lavanila ity.

**R. Muray**

Oniversitem-panjakana

# Hivoaka amin'ny 17 aprily ny vatsim-pianarana

Nivaly ny fitakian'ireo mpianatra amin'ny oniveritem-panjakana manerana ny Nosy. Omaly no nanao fanambarana miaraka ny Minisitry ny fampianarana ambony sy ny fikarohana siantifika sy ny Minisitry ny fampandrosoana nomerika sy ny fanovana ara-kajy mirindra ary ny paositra sy ny fifandraisan-davitra, fa hivoaka amin'ny herinandron'ny 17 aprily ho avy izao ny vatsim-pianaran'ireo mpianatra. Vatsim-pianarana dimy volana miaraka amin'ny fampitaovana no horaisin'ireo mpianatra indray miaraka. Tsiahivina fa nifandimby nitaky ny famoahana ny vatsim-pianarana tamin'ny alalan'ny fitokonana ireo mpianatra teto Antananarivo sy tany Mahajanga ary Toamasina. Nambaran'ireto mpikamban'ny governemanta ireto fa ny fahataran'ny fahatongavan'ny lisitry ny mpianatra misitraka vatsim-pianarana no nahatonga ny fahatarana amin'ny famoahana ny vatsim-pianarana. Mbola tsy tonga ohatra ny an'ny oniversiten'i Toliara, izay tsy maintsy mbola harahi-maso alohan'ny hanaovana ny fankatoavana.

**R. Muray**

Dadafara (Hiragasy)

# "Hampita ny kolontsaina sy ny soatoavina malagasy no tanjoko"

« *Tena fitiavana fa tsy fitadiavam-bola* ». Izay no nambaran'i Dadafara, serasera Hiragasy, raha tafaresaka taminay. Mbola tsy mitsahatra ny mamoaka kapila « dvd » hiragasy mantsy izy hatramin'izao na tsentsafin'ny mpanao piraty sy ny fivoaran'ny teknolojia aza. Ny faran'ny herinandro teo dia namoaka kapila mirakitra ny renihira teny an-tsehatra notontosain'ny tarika Dadalora tany Miarinarivo izy. « Aza sodokan'ny nahatongavana fa jereo ihany ny niaingana » no lohatenin' izany renihira nolalaovin-dry Dadalora izany, ka narakitr' i Dadafara anaty kapila dvd. Araka ny fanazavany dia mandany vola an-tapitrisany maro ny fakana sary arakitra an-kapila toy izao. «Camera» telo farafahakeliny no ampiasaina rehefa maka sary ary aorian'izay vao atambatra ny sary azo, izany hoe miditra amin'ny fanatontosana, izay vao arakitra an-kapila rehefa afa-po. Na ny teknikan'ny fakana feo na ny teknikan'ny sary dia mila voafehy avokoa. Manodidina ny 3 tapitrisa ariary ny vola lany, nefa tsy mahaleo ny sarany ny vidiny. Izay no nahatonga azy hiteny fa « *raha mampidibola ny famoahana kapilan' ny mpihiragasy dia efa maro no nanao an'io asa io. Ho ahy, ny fitiavana, ny fampitana ny kolontsaina ary indrindra ny soatovina malagasy amin'ny taranaka no tanjoko* ».



**Vakoka sarobidy ho an'i Dadafara ny hiragasy, satria mitahiry fahendrena sy kolontsaina ary soatoavina malagasy.**

**Mitaiza ny tanora sy ny fiarahamonina**

Mahatsapa i Dadafara, serasera hiragasy, fa very ilay kolontsaina sy ny soatoavina maha malagasy ny malagasy. Ao anatin'ny hiragasy no anovozana izany, raha tsy hilaza fotsiny afa-tsy ny fomba fiteny, ny fitafiana, ny fanajana ny ray aman-dreny sy ny fiarahamonina, hoy ny fanazavany. Raha tiana handroso ny firenena dia tokony hijery akaiky izany ny tomponandraikitra sy ny fiarahamonina. « *Ohatra, ny Ntaolo malagasy dia nanaja ny ray aman-dreny. Ankehitriny anefa izany tsy hita firy eny anivon'ny fiaraha-monina intsony. Asa re raha izany no mahatonga ny tanora malagasy lasa folaka andatony (maty tanora) ? Ny fomba fitafy, indrindra fa ny vehivavy, hatreny an-kitrokely, nefa izao aiza izany fahamaontinana izany? - Ny fandihy, ny fitombenana no ampideraina sy ampandihizina fa tsy lanton-tsandry intsony. Izany rehetra izany no tovozina anatin'ny hiragasy* », hoy izy. Ka izany no mahatonga an'i Dadafara hilaza fa « *Aleo ampitaiko ny hiragasy mba ho tafita ny hafatra hitaizana ny tanora. Raha misy ny manohana ahy dia raisiko an-tanandroa* », hoy ihany izy.

**Fy**

Vondrona STOI

# Handray anjara mavitrika amin'ny andiany fahatelo amin'ny CAETE any Sina



**Misy teknisianina sinoa mampiofana tantsaha malagasy amin'ny fambolena ity vary safiotra ity.**

Hotanterahina any Sina ny volana jona 2023 izao ny andiany fahatelo amin'ny CAETE, na "Exposition Economique et Commerciale Sino-Africaine". Handray anjara mavitrika amin'izany ny Vondrona STOI, araka ny fanazavan'i Tahiana Razanamahefa. Hafonja ny delegasiona ho any, na mpandraharaha na ny solontenam-panjakana, satria vahiny nasaina manokana i Madagasikara. Mandritra izany fotoana izany ihany koa, hisy fifanaraham-piarahamiasa atao amin'ny resaka fambolena, asa vaventy sy ny maro hafa. Hanome lanja manokana ny fambolena vary safiotra ny STOI mandritra izany fotoana izany, satria io no vahaolana amin'ny fahavitan-tena ara-tsakafo. Misy teknisianina sinoa mampianatra an'ireo tantsaha sy teknisiana malagasy eto amin'ny fampiharana sy ny tombontsoa entin'ity vary safiotra ity. Manankarena rano sy masoandro isika eto saingy tsy ampy ny fitehirizana rano ka lasa tsy ampy ny famokarana ary lasa manafatra vary isika. Manomboka miparitaka manerana ny Nosy ity fomba fambolem-bary amin'ny masomboly vary safiotra ity. Manodidina ny 50 000Ha ankehitriny no voavoly vary safiotra ka manodidina ny 8 hatramin'ny 12 isan'Ha ny vokatra vary, izany hoe manatombo avo roa na telo heny amin'ny vokatra mahazatra. Mihatsara ny fidiram-bolan'ny tantsaha ary tanjona ny hahavitan-tena ara-tsakafo, izay anisan'ny fanambin'ny fitondram-panjakana amin'izao fotoana izao. Hanohana antsika hatrany ireto teknisianina sinoa ireto. Nilaza i Tahiana Razanamahefa fa "*efa faritra 8 ankehitriny no mamboly io vary safiotra io ka anisan'izany Itasy, Vakinankaratra, Fitovinany, Vatovavy, Menabe, Sava , Diana ary Atsimo Andrefana. Ampiarahina amin'ny zezika taroka bio vokarin'ny STOI ihany koa ny fambolem-bary dia azo antoka fa ho tafakatra ambony be ny voka-bary, indrindra raha ampy tsara ny rotsak'orana. Raha amin'ny velaran-tany 1 Ha, asiana masomboly voafantina riz hybrids 25 kg miampy zezika taroka 250 dia azo antoka fa ho tafakatra hatrany amin'ny 11 taonina ny voka-bary ho azo, toy ny zavatra efa nitranga tany amin'ny faritra SAVA ny taona 2020.*" hoy i Tahiana

*Vahiny manankaja asaina manokana any Sina i Madagasikara mandritra io fotoana io.*

**Nath**

Kabary

# Mijoro ho mpiaro ny kolontsaina Malagasy ny HAVOZOMMI

Niainga tamin'ny herin'ny havozo, izay ialan'ny varatra raha mipoaka. "*Tonga amin' ilay fiteny hoe ; Mandray havozo fa matahotra ny hipoahan'ny varatra*", hoy Atoa Lantoharitsimba Rakotozafy, filohan'ny fikambanana HAVOZOMMI (Havozomanitra Mikabary Mikolo ny kolontsaina). Mijoro ho mpiaro ny kolontsaina Malagasy sy hanosika ny kolontsaina vahiny mba tsy hiditra na hanjakazaka eto amin'ny tanintsika ny fikambanan'ny mpikabary HAVOZOMMI. Entina hampiroboroboana ny kolontsaina maha malagasy ny namoronana ny fikambanana araka ny fanazavan' ireo mpitarika hatrany. Araka izany, tsy mialon-jafy izy ireo amin'ny fanofanana mikabary. Afaka miditra avokoa ny olon-drehetra manomboka amin'ny 7 taona no miakatra. Ankoatra izay, isan'ireo mpikambana ao amin'ny FMTS notolorana mariboninahitra tamin'ny 15 janoary teo ny HAVOZOMMI. Nahatratra 34 ny "chevalier des arts et des letters" sy "officier des arts et des lettres" azon'izy ireo tamin'izany. Namafisin'ny filohan'ny fikambanana fa isan'ny nampiroborobo sy nampivelatra ny fikambanan' izy ireo tao anatin'izay 20 taona nijoroany izay ny fidirana ho mpikambana tao anatin'ny Federasiona Mpikanto ny Teny sy ny Soratra (FMTS).



**Ireo lohandohan'ny mpisorona ao amin'ny HAVOZOMMI. (Sary : Niry R.)**

**Niry R.**

# Gazetiko

## Vavolombelon'ny tantara

***Nanana anjara toerana lehibe teto amin'ny Gazetiko nandritra ny 25 taona izay ny kolontsaina sy ny fanatanjahantena. Na mahalana aza vao entina misarika ny mason'ny mpamaky amin'ny lohateny lehibe ny vaovao entin'izy ireo. Dia iraha-mahalala fa mitondra ny anjara biriky amin'ny fampandrosoana satria mitaiza fanahin'olona maro izany kolontsaina sy fanatanjahantena izany. Zovy moa no tsy haka mpanakanto na koa mpilalao baolina kalaza rehefa te hisarika olona amin'ny zavatra atao ? -Mifampitantana toa mpifankatia ny kolontsaina sy ny fanatanjahantena ka tsy afa-misaraka. Araho anie ireto «Gazetiko» misy ny lohateny notsongaina tao anatin'ny 25 taona ireto e ! :***



HATRENY IVATO HATRANY MAHAMASINA 2

NOTSENAINA AM-BONINAHITRA NY BAREA DE MADAGASCAR

TSIROANOMANDIDY 7

VITA NY FAMINDRAM-PAHEFANA

*Mahazaka lohatenin-gazety toy izao ihany koa ny fanatanjahantena rehefa misy vaovao mahaliana sy andrasan'ny olona iny.*



Gazetiko

HAMORY - IVATO

TOVOLAHY NIFAOKA KA NAHAFATY OLONA NAIDITRA AM-PONJA 5

FANTINA

OROKA: SADY POROFOM-PITIAVANA NO METY HAHAZOANA ARETINA 3

MIHENA NY MPITERAKA

MANATONA HOPITALY 2

FANTSY

VOLLEY-BALL: TOMPONDAKANY MADAGASIKARA

FANTATRA IREO EKIPA HIATRIKA NY MANASA-DALANA 2

LASA OMALY ANY SOISA I HANTATIANA SY NY VADINY 3

*Sary nalaina tamin'ny fotoana nanaovana ny mariazin'i Hantatiana sy ny vadiny teto an-tanindrazana sy ny vaovao ara-panatanjahantena nalaza tamin'io andro io.*



NOSY-BE

TAFAHAONA TANY Y MISS FRANCE MADA SY NY MISS DONIA

TAF'S

ITORA-OFO BE ALALA 2

KITRA

ONDIAL 2015 VEHIVAVY

HITSARA LALAO ANY CANADA I PELAGIE

*Ny vaovao ara-panatanjahantena nalaza sy kolontsaina tamin'izany fotoana.*



JULIEN LEPERS

10 ANDRO ETO AMINTSIKA HIAHY NY FESTIVAL TROZONA

*Nandalo teto amintsika ary nihaona tamin'ny mpanao gazety teto Ankorondrano i Julien Lepers*



Gazety mivoaka isan'andro Alatsinainy 28 novambra 2022

FAMPANDROSOANA"

STAR ACADEMY 2022 2

NISONGADINA NY MALAGASY NOROMBAHAN'I ANISHA

FIVONDRONAMBEN'NY EVEKA 7

*Misongadina ary andrasan'ny rehetra ihany koa ny vaovao miavaka momba ny kolontsaina eto amintsika.*

Notontosain'ny ekipan'ny fanatanjahantena sy ny kolontsaina eto amin'ny Gazetiko.

## 25 taona

# TSIAHY an'i Fidy Robison na Rafidy



Fidy ROBISON na RaFidy, anisany mpanao gazety voalohany tato amin'ny Gazetiko, tonian'ny fanoratana koa izy sady talen'ny famoahana.

Feno 25 taona ny gazety Gazetiko ankehitriny. Ny tantara tsy fanadino ary tsara ny mampatsiahy fa efa nisy maromaro ireo mpanao gazety nandalo tato amin'ny Gazetiko no efa tsy eo intsony hankalaza izany miaraka amin'ireo namany izay mbola manohy ny fanoratana. Nisy mantsy ny efa nodimandry, teo kosa ireo lasa nanao asa hafa. Anisany nanamarika ny tantaran'ny Gazetiko izany RaFidy na i Fidy Robison izany, efa tonian'ny fanoratana tato amin'ny Gazetiko sady talen'ny famoahana ihany koa.

Nodimandry tamin'ny taona 2015 i Fidy ROBISON na RaFidy fa talohan'izay dia nanoratra foana ny tenany. « Marina izany », io no sehatra iray tena nahafantarana azy tato amin'ny Gazetiko. Namakafaka ny resaka politika izy tao anatin'izany ary nijery izay fandehan'ny raharaham-pirenena rehetra ka notateriny an-tsoratra ny fomba fijeriny. Nisedra fanenjehana maro izy tao anatin'izany satria notsarain'ny olona sasany mihitsy fa hoe masiaka ny zavatra nosoratany. *"Misy mandrahona sy "manao menace de mort"izy satria misy amin'ireo mpamaky no mahatsiaro voatsindrona tamin'izay voalazany. Nandritra ireny krizy politika nandalo teto amin'ny firenena ireny, dia alim-pody foana izy satria dia mahaliana azy mihitsy ny mihaino izay vaovao farany hany ka nampitaintaina mafy anay mihitsy izany"* hoy ny vadiny, Ramatoa Laure Rabetokotany, mitantara. Tsy nataony nampihemotra mihitsy anefa ireo antsojay nataon'ny sasany azy satria teo koa ireo mpankafy mamaky ny asa-sorany ary mitoraka voninkazo azy noho ny fahasahiany milaza ny marina !! Olona mahitsy ary manana fomba fijery tsy mitanila mihitsy izy rehefa manoratra, taratra avokoa izany tao anatin'ireo asa-sorany ka izany no anisany tena nitiavan'ny mpamaky azy.

Raha ny fifandraisany tamin'ireo mpanoratra namana tato amin'ny Gazetiko kosa no asian-teny dia azo lazaina fa olona hentitra izy, tia zavatra milamina, tia manoro ary manitsy fa tsy manakiana be fahatany.Tia mifanakalo hevitra ihany ko aizy fa tsy hoe izay heviny ihany no tsy mainsy arahina. Olona be hanihany izay koa izy fa tsy amin'ny maha « chef » azy ka hoe matotra be foana.Hainy koa ny mandanjalanja ny fotoanany eo amin'ny asa sy ny fianakaviana . Nentiny ho namana, mpiara-miasa, zandry eny mpiray tampo mihitsy ny azy ny hafa fa tsy sanatria hoe olona teo ambany fahefany. Raha fehezina dia olobe tia manetry tena izy.

Raha teo anivon'ny fianakaviana izay indray dia nijoro ho loham-pianakaviana mahavita azy hatrany izy . Tena andry niankianan'ny vady aman-janany. Hentitra ihany koa izy ary masiaka be ronono. Anisan'ny fialamboly tiany rehefa mipetraka an-trano ny manao lakozia, mahandro hanina, eo koa ny mamaky boky sy ny mihaino ireo karazana vaovao.

Tsy adinoina fa olon'ny fiarahamonina ihany koa izy, anisan'ireo olona nafana fo tamin'ny fanetsiketseahana ny fikambanana rehetra tao amin'ny fiangonanana nisy azy izy. Izy rahateo moa zanaka mpitandrina. Olona mahitsy izy, izay no azo ilazàna azy raha teo anivon'ny fikambanana sy teo antrehan'ireo mpifanerasera taminy.

Ny asa sorany no tsy ho hita intsony fa izy kosa nampita ilo tamin'ireo mpanoratra izay mbola manohy ny asa ankehitriny ary azo lazaina mihitsy fa tsy very izay nikelezany aina tao anatin'izay 17 taona naha mpanao gazety azy izay. Hita taratra izany amin'ny fomba fanoratana an'ireo lahatsoratra izay vakianareo ato amin'ny Gazetiko isanandro.

Izahay mpanao gazety ihany koa dia miezaka hatrany ny hanome zavatra miavaka ho anareo mpamaky ary ianareo mihitsy aza no tena isaorana satria raha tsy teo ianareo dia tsy toy izao izahay !!!



## Ireo sombin-gazety nentina nanamarika ny 10 taona -15 taona ary ny 20 taonan'ny Gazetiko.




Ity no fankalazana voalohany indrindra nataon'ny Gazetiko. Nakotrokotroka ny fety tamin'izany ary maro ireo vahiny nasaina ankoatran'ny mpiasa tato amin'ny vondrona Midi Madagasikara.




Natao am-pirahalahiana hatrany ny fiarahana rehefa mankalaza tsingerintaona tahaka izao. Tsy ny ekipan'ny GAZETIKO irery no nifety fa niaraka tamin'ny tale jeneralin'ny orinasa sy ny mpiara-miasa rehetra tato amin'ny vondrona Midi Madagasikara.




Maro amin'ireo mpanao gazety ireo amin'izao no efa tsy eo intsony, teo no efa nodimandry, ireo niala nanao asa hafa kosa dia mbola manohana ny Gazetiko hatrany!

# GAZETIKO, nampiakatra ny lenta sy ny lazan'ny AJESAIA



*Manana ny fomba fijeriny sy ny fanehoany hevitra ny Filoha Nasionalin'ny " **Association des JEunes Sportifs de l' Avenir Inter-Arrondissement** ", Atoa Jasmina RAVELONARIVO " Rajasy ", mikasika ny fiarahan'ny ekipany niasa / miasa tamin'ity fitaovan-tserasera mankalaza ny faha-25 taona niainany ity. Amin-dRajasy dia vary sy rano ny AJESAIA sy ny Gazetiko, matoa ny Sekoliny sy ny Kliobany tonga amin'izao sehatra sy ny toerana misy azy izao eto amin'ny firenena ka hatrany ivelany, izay hananany mpilalao matihanina maro. Nanterin-dRajasy, ary hijoroany vavolombelona fa : " Nanana ny anjara birikiny goavana taminay ity gazety ity, nampiakatra ny lenta sy ny lazan'ny ekipan'i Tanikatsaka Itaosy, izay ao anatin'ny fankalazana indrindra ihany koa ny faha-30 taonany, mitaiza / mikolokolo / manabe. Efa namoaka taranaka Malagasy maro, manan-talenta amin'ny filalaovana baolina kitra ".*

Efatra taona taorian'ny niforonan'ny AJESAIA (1993), raha AJEFAIA (Association des Jeunes Footballeurs Itaosy Ambohidrapeto - 1993/1998) no niantsoana azy tany am-piandohana, dia tafatsangana teto amin'ny firenena ny Gazetiko. NambarandRajasy fa anisan'ny mpanao gazety ara-panatanjahantena, nantsoiny voalohany niara-niasa taminy Rafalimanana Aristide "aris rafaly", niaraka tamindry Bruno Razafindrakoto sy Jacquot Raholdina tao amin'ny TeleVizionina Malagasy (TVM) ary Benja (ex-Radio / TV Ravinala), izay efa miorim-ponenana sy mitarika ny "Groupe Evangelique" Tarika Ny Mino any Frantsa. Rehefa nisotro ronono " Rabry ", dia Jacquot sy aris rafaly no mbola manohy ny fiaraha-miasa amin'ny AJESAIA. Tsy ny lafiny serasera irery ihany no voizin'ny sasany amin'ireo mpanao gazety ara-panatanjahantena ireo fa misy mandray anjara mivantana amin'ny lafiny fanazarana ny mpilalao, toa an'i aris rafaly. Tsy naka mari-pahaizana momba ny asan'ny mpanazatra kitra teny anivon'ny federasionina izy fa ny klioban'ny AJESAIA no nanovozany fahalalana sy fahaizana, tamin'ny fampianarana nataon' Atoa Jeremia Randriambololona, Tale Tekinika Spaortifa-n'ny " *Centre de Formation de Foot-Ball des Jeunes AJESAIA ( CFFJA )*". Niampy ny fanofanana nataon'ireo mpanazatra avy any ivelany, toa an'i Daniel Scherr (France) sy i André Nordanger (Norvège). Amin'izao faha-30 taona niainany izao, dia manodidina ny 500 ny mpilalao beazin'ny CFFJA, manomboka amin'ny faha-3 na 4 taona mandra-pahalehibeny, ankoatra ireo efa nikopak'elatra. Tsy ao anatin'izany isa izany ny mpilalao mandray anjara amin'ny fifaninanan'ny " Orange Pro League ". Ankoatra ny fampianarana ataony dia anisan'ny mampiavaka ny AJESAIA ny fanatanterahana fifaninanam-pireneny isan-taona, hitiliana mpilalao manan-talenta. Marihina fa any Mahanoro indray no hizoran'izany fifaninanam-pireneny izany amin'ity volana ity. Ny tanjona tiany ho tratrarina amin'izany, dia ny hananana mpilalao kalaza maro. Hilalao any anaty klioba sy ekipam-pirenena ka ho lasa lavitra amin'ny fifaninanana handraisany anjara. Indrindra moa amin'ny fifaninanana iraisam-pirenena, toy ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika (CAN). Tanteraka tokoa izany fanamby sy faniriany izany tamin'ny taona 2019. Ny ankamaroan'ny mpilalao, nanantevin-daharana ny Barea de Madagascar tamin'ny CAN 2019, dia novokarin' ny AJESAIA, toa an-dry Bolida / Voavy Paulin / Abel Anicet / Mamy Gervais…ankoatra an'ireo efa nantsoina tamin'ny ekipam-pirenena zandriny. Eto an-toerana indray dia saika ahitana mpilalao novokarin'ny AJESAIA ny ankamaroan'ireo ekipa vaventy " Senior D2/D1 " sy miatrika ny O.P.L. Anisan'ny mampisongadina ny mpilalaon'ny AJESAIA, dia ny fiatrehany lalao iraisam-pirenena maro, manomboka amin'ny taonan'ny fahazazany, toy izay nataony matetika tatsy amin'ny nosy La Réunion " Tournoi de Bourbon ", tany Eorôpa " Mondial Pupilles Plomelin (France) – DANA CUP (Norvège) ", ary ny " Gotha Cup China ", izay natrehiny tamin'ny taona 2018 sy 2019. Noho ny fisian'ny valanaretina " Coronavirus " anefa dia nitsahatra aloha ity fifaninanana goavana tany China ity. Taorian'ny fitaterana ireo zavaboalaza momba ny AJESAIA ireo hatrany Gazetiko.

**Tôta**



## Parfait Rakotonindriana

# Niara-niaina tamin'ny Gazetiko hatramin'izay



**Gazetiko**: *Hankalaza ny faha-25 taona afaka andro vitsy ny Gazetiko.*

***Parfait Rakotonindriana*** : Arabaina ianareo, voalohany indrindra, Mirary taona maro mifandimby . Raha olombelona dia azo lazaina hoe tena ao anatin'ny heriny sy ny fahamatorana tsara izany 25 taona izany. Efa manana traikefa ary mahavita zavatra tsara.

**Gazetiko**: *Isan'ny niara-niaina tamin'ny Gazetiko i Parfait, ny fahitanao izany?*

***Parfait Rakotonindriana*** : Eny, isaorana ianareo tamin'ny fiaraha-miasa, maharaka vaovao foana, tsy tara mihintsy rehefa misy hetsika indrindra fa ny momba ahy sy ireo taranja hiangaliako, mino aho fa nitombo ny mpamaky sy mividy gazetiko rehefa miresaka ny momba ahy ianareo.

**Gazetiko**: *Efa tompondaka eran-tany tamin'ny boxe française savate ianao. Manao inona kosa izao ?*

***Parfait Rakotonindriana*** : Nanomboka teo amin"ny faha-4 taona aho no nanomboka nanao baolina kitra (nantsoin'i Dada sy ny fianakaviana hoe Pelé), tamin"ny 8 taona tany ho any no nanao Karaté (anelanelan-trano) sy boxe, Boxe anglaise io... ny taona 1990 no nanao savate ary nahazo tompondakan'i Afrika 1997 sy 1999 sy tompondaka eran-tany 1997 sy 1999. 1993 niangaly koa ny kick boxing, full contact, Boxe Thailandaise, 1995 savate defense... 1996 Diamanga Mouring Reunionnais, 1999 boxe de rue (defense de Rue ADAC)... 2004 combat Libre/Pride... MMA, 2017 kenpo... Mbola miangaly ireo rehetra ireo ankehitriny. Tena ifotorako amin' izao ny Kenpo sy MMA GAMMA, mixed martial arts ao amin'ny Global Association of Mixed Martial Arts. Kenpo na kempo ao @ IKF. International Kempo Federation.



**Gazetiko**: *Ny hamarananao azy*

***Parfait Rakotonindriana*** : Maro ireo mpanao gazety niara-niasa tamiko fa ny Gazetiko teo foana niresaka ireo taranja iangaliko ireo... Misaotra indrindra.

*Dinika notontosain-d*Rabenaivo

Horonam-peon'ny Filoha sy ny SEG niparitaka

# Manao fanadihadiana ny zandary, olona am-polony voakasika

*Fantatra izao fa avy ao amin'ny vondrona " Whatsapp " ifandraisan' ny zandarimaria no niaingan'ilay rakipeo niparitaka.*

Niteraka resa-be teto amintsika tato ho ato ny momba ilay horonam-peo voalaza fa nifanaovan'ny Filohan'ny Repoblika sy ny Sekreteram-panjakana miadidy ny zandarimariam-pirenena, na SEG, izay niparitaka tao anaty tambajotra sosialy. Manoloana izany indrindra no nitondran' ny teo anivon'ny Zandarimaria fanazavana tamin'ny alalan' ny Tale misahana ny fikarohana ny heloka bevava, na «Direction de la police judiciaire», ny jeneraly Mbina Nonos Mamelison. Nohamafisiny tamin'izany ny fisian'ity horam-peo ity, izay natao hampitana baiko amin'ny olona rehetra fehezina eo anivon'ny zandary. Tokony hijanona ho tsiambaratelo tanteraka ny mikasika izany kanefa dia teny amin'ny tambajotran-tserasera Facebook no nahitan'ny rehetra azy. Izay no mahatonga ny zandarimariam-pirenena tsy maintsy manao ny fikarohana ny fototra nivoahan'izany. Araka ny fanazavan'ny Jeneraly Mbina Nonos Mamelison, dia olona 15 no hanaovana fanadihadiana ara-teknika mahakasika ilay rakipeo niparitaka. Rehefa nohalalinina akaiky dia fantatra izao fa avy ao amin' ny vondrona « Whatsapp » ifandraisan'ny zandarimaria no niaingan'ilay rakipeo niparitaka. Tsy latsaky ny 80 isa ny olona mivondrona ao anatin' io « Whatsapp » io ary efa nanaovana fanadihadiana tsirairay avokoa. Ny «Direction de la police judiciaire, du système des informations et la technologie » sy ny «Service contre la cybercriminalité », no manao ny fanadihadiana noho izy io heloka an'habaka.

**Afaka herinandro**

Nambaran'ity tomponandraikitra eo anivon'ny zandarimariam-pirenena ity fa ho fantatra tsy ho ela, izany hoe afaka herinandro farahafahatarany, ny olona mety nanao io fandikan-dalàna io. « *Mety ho sivily, mety ho olona eo anivon'ny zandary ihany, no tompon'antoka tamin'ny famoahana izany* », hoy izy. Vesatra ahafahana manenjika ny voakasika amin'izany ny famoahana tsiambaratelo sy fanohintohinana filaminam-bahoaka. Raha tsiahivina dia isan'ny fomba fiasan'ny Sekreteram-panjakana miadidy ny zandarimaria ny fanaparitahana ny laharan'ny findainy mba hanakaikezana ny vahoaka sy hihainoana ny fitarainan' izy ireo. Asa na io toe-javatra io no mety nohararaotin'ny sasany hanaparitahana ny horonam-peo saropady tahaka izao.

**JUDD**

Hafahafa ny toe-draharaha

# Misy mamoaka hatrany ny tsiambaratelon'ny fivorian'ny mpanohana ny fitondrana

Efa mahatsikari-javatra ve ny mpanao pôlitika mpanohana ny fanjakana sasantsasany ka manomboka misabababaka? Sa mahatsapa ho voahilika ka miezaka mitady izay azo iantsapazana ? Ireo no anisan'ny fanontaniana manitikitika ny saina manoloana ny toe-javatra hafahafa miseho mahakasika ny fizotran'ny toe-draharaha pôlitika eto amintsika, tato anatin'ny volana maromaro izao. Ny zava-misy mantsy dia misy mamoaka ho fanta-bahoaka hatrany ny tsiambaratelon'ny mpitondra sy ireo fivoriana miafina, tanterahan'ny olona akaiky ny fitondrana. Nitranga ohatra izany, nandritra ireny fotoana nampafanafana ny resaka fitsipaham-pitokisana ireny, na dia samy mpanohana fanjakana aza no niara-nivory teny amin'ny foiben'ny antoko. Ankoatra izay, fanindroany izao no nisy nanaparitaka teny amin' ny tambajotra sôsialy ny rakipeo nifanaovan'ny olona akaiky ny mpitondra ka nahafantaran-javatra maro.

**Misokatra ny fanadihadiana** !

Ny fantatra fotsiny aloha dia tsy nisy ny filazana fanokafana fanadihadiana, taorian' ilay feo niparitaka, mahakasika ny mpanolotsaina manokan'ny filohampirenena sy olomboatendry iray, izay nahafantaran'olontsotra zavatra maro. Vao omaly no omaly no nisy namoaka, teny amin'ny tambajotra sôsiaky ihany koa, ny fivoriana miafina voalaza fa nataon'ny olomboafidy mpanohana ny fitondrana sy olomboatendry. Nivoaka hatramin'ny ora sy ny toerana nanatanterahana izany sy ny lahadinika ary ny fangataham-panazavana nataon'ny olomboafidy, mahakasika ny tombontsoan'izy ireo notapahina. Tsy vitan'ny hoe mateti-pitranga ny zavatra toy izany fa efa mampiharihary ny fisian'ny tsy fifampitokisana intsony eo amin'ny samy mpanohana fanjakana. Ny tena vao mainka nahatalanjona dia ny fivoahan'ny horonam-peo mirakitra ny baiko nomen'ny filohampirenena. Fantatra hatramin' ny omaly moa fa misokatra ny fanadihadiana ary voalaza fa am-polony maro no anaovana fanadihadiana, hahafantarana hoe iza marina no namoaka ilay feo? Hahavaha olana ve izany. Andrasana izay ho tohiny!

**V.R.**

Fandrarana ny famoriam-bahoaka

# Manahy korontana haterak'izany ny fianakaviambe iraisam-pirenena

Nivoaka tamin'ny fahanginany manoloana ilay fanambarana nataon'ny Minisitry ny Atitany Tokely Justin, mibaiko ireo solontenam-panjakana tsy hanome alalana intsony ny famoriam-bahoaka ara-politika ankalamanjana ny fianakaviambe iraisam-pirenena, omaly.

Namoaka fanambarana miaraka ny Vondrona Eôrôpeana ; ny masoivoho Alemana ;Etazonia ;frantsa ; Japon ; Royaume Uni ; Suisse ary Norvège eto amintsika, nanamarika fa sady mifanohitra amin'ny ambaran'ny Lalampanorenana Malagasy no mandika ny andininy faha-21-n'ny fifanarahana iraisam-pirenena, nosoniavin'i Madagasikara, mahakasika ny lalàna sivily sy pôlitika (Pacte international relatif aux droits civils et politiques), tamin'ny 1971 ny fanakanana ny fivoriana, tanterahina ao anaty filaminana izay manome lanja sy manamafy ny zo mahaolona sy ny manome sehatra malalaka ny politika.

Notsiahivin'ireto farany tamin' izany fa fototra ijoroan'ny demokrasia ny fahalalahana miteny ary misy ny lalàna iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona, izay mamaritra fa ny olona rehetra dia misitraka zo hivory ankalalahana, kanefa tsy dia mifanaraka amin'izany loatra io fanapahan-kevitra noraisin' ny fanjakana io. Dia tsy nihambahamba ny fianakaviambe iraisam-pirenena eo anatrehan'izany raha nilaza fa mety hiteraka korontana politika eto amin'ny firenena io fandrarana ny famoriam-bahoaka io, indrindra amin' izao vanim-potoana mialoha ny fifidianana izao. Ambonin' izay, na dia tsy nambarany mivantana aza dia karazan' ny nametraka ihany koa ireto mpiara-miombona antoka amintsika ireto tao anatin'ny fanambarana navoakany fa mety hisy fiantraikany amin'ny fifandraisan'izy ireo amintsika ity fanapahan-kevitra ity.

**Hialana amin'ny fanohintohinana**

Ny fianakaviambe iraisam-pirenena, na ahoana na ahoana, dia mbola andrandraintsika amin'ny fanohanana ara-bola ny fanatanterahana ny fifidianana eto sy ny fananganana ny ampahany betsaka amin'ireo fotodrafitrasa dradradraina isanandro. Na izany na tsy izany, mampirisika antsika hatrany izy ireo mba hijery ny fomba rehetra hisian'ny fitoniana sy fifidianana madio eto amin'ny firenena amin'ity taona ity. Etsy andanin'izany, niditra antsehatra nitondra fanazavana mikasika ilay fanambarana nataon'ny Minisitry ny Atitany ny mpitondra tenin'ny governemanta Lalatiana Andriatongarivo, omaly. "*Manamafy ny governemanta ao anatin'iny fepetra noraisina iny fa mahazo alalana manao fanehoan-kevitra sy fivoriana politika ny olona rehetra tsy ankanavaka na mpomba na mpanohitra ny fitondrana, fa atao anaty toerana voafefy kosa izany mba hialana amin'ny mety ho fanohintohinana ny fifamoivoizana sy ny fiainam-bahoaka*", hoy ny fanazavany.

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Mangingina !

**Mbola miteraka resabe eny amin'ny tontolo pôlitika, eny hatreny amin'ny fiarahamonina samihafa eny, ny fanapahan-kevitra noraisin'ny minisitry ny Atitany, manakana ny hanaovan'ny sokajin'olona ny fanehoan-kevitra ankalamanjana. Marihina fa voakasik'izany ihany koa ny olomboafidy, toy ny solombavambahoaka, izay tsy maintsy ao anaty efitrano no manao tatitra amin'ireo vahoaka nifidy azy. Voahosihosy tanteraka ny demôkrasia, hoy ny sasany. Tsipaky ny miala aina sisa no ataon'ny mpitondra ka te hiroso mankany amin'ny didy jaona, hoy ny hafa. Nandiso fanantenana ny fihetsik' ilay minisitra izay anisan'ireo mpikambana ao amin'ny governemanta nosokajian'ny maro ho manam-pahaizana, miainga amin'ny fianarana norantoviny. Noheverin' ny maro ho manam-pahendrena ihany koa, satria tsy mba anisan'ireo manafintohina rehefa maneho hevitra. Taorian'iny fanambarana, nosoniavin'ny minisitry ny atitany sy ny fitsinjaram-pahefana iny anefa dia tonga amin'ny fitenenana hoe: Mangingina fa izahay izao no mitondra ny zava-misy. Ireny noporofoin'ny mpitandro filaminana, nandritra ny famoriam-bahoaka nataon'ny filoha teo aloha, Marc Ravalomanana tany amin'iny lalam-pirenena faharoa iny, tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo ny santionany. Ho hita eo ihany koa hoe iza no hosakanana manaraka indray ? Hitondra ho amin'ny fitoniana sy filaminana ve izany sa vao mainka hamelona afo? Tsy vao sambany nitranga teto Madagasikara ny fandraisana fanapahan-kevitra diso toy izao fa ny niafaran'ny tantara aloha, ho an'izay nahatadidy, dia korontana hatrany, rehefa tonga amin'ny fetra tsy hay tohaina ny herim-bahoaka !**

**Voahangy Rakotozafy**

Fikambanana FITARATRA

# Mijoro amin'ny fanaovana hetsika ara-tsosialy



**Tonga marobe nanoina ny antso ireo ao anatin'ny Fikambanana FITARATRA.**

Nanatanteraka fifampiarahabana noho ny taona vaovao 2023 teny amin'ny Area Malaza ny fikambanana FITARATRA (Fikambanan' ny Teraky Rabesahala Tsy ho Rava), ny alahady lasa teo. Tsara ny manamarika fa ny fikambanana dia mijoro amin'ny fanaovana hetsika ara-tsosialy ho fanasoavana ireo mpikambana sy ny mpiarabelona. «*Natsangana indrindra ity fikambanana ity mba hisian'ny fifankalalana bebe kokoa eo amin'ny rehetra, kanefa natao ihany koa hisahana ny lafiny ara-tsosialy sy hanamafisana fihavanana* », hoy ny fanazavan'ny mpitarika ny fikambanana FITARATRA. Vory lanona ary tonga marobe teny an-toerana, araka izany ireo mpikambana.

**JUDD**

## Tsielatsiela

Nitsidika ara-pomba fifanajana ny Mpitahiry ny Tombokasempanjakana, Minisitry ny Fitsarana, Landy Mbolatiana Randriamanatenasoa teny Faravohitra ireo solontena misehatra ao amin'ny Banky Iraisam-pirenena, omaly. Ankoatra ny fanamafisana ny fifandraisana dia niompana tamin'ny tetikasa "Tsara Antoka" ny resaka nandritra ny fitsidihana. Ity tetikasa ity dia fametrahana ny rejisitry ny antoka amin'ny fampindramam-bola, izay afaka kirakiraina sy natao ara-kajimirindra tamin'ny volana desambra 2022. Ny tetikasa dia novatsian'ny Banky iraisam-pirenena amin'ny alalan'ny IFC na "Société Financière Internationale". Tanjona amin'izany ny hanatsarana sy hampahomby ny rafitra ara-pitantanam-bola sy ara-pitsarana amin'ny lafiny ekonomika. Tafiditra ao anatin'ny tetikasa «Tsara Antoka» avokoa ireo antoka rehetra amin'ny fampidramam-bola ankoatran'ny Tany sy trano.

**Nangonin'i Mamy R.**

## Sarisary zary tenany

**Fanokafana**




## Hatsikana an-tsary

**Dantista**




## Masoandro Miposaka

**Lioka 19 : 37-38**

Ary rehefa nanakaiky izy ka tonga teo ampidinana amin'ny tendrombohitra Oliva, dia nifaly avokoa ny mpianatra maro be ka nidera an'Andriamanitra tamin'ny feo mahery noho ny asa lehibe rehetra izay efa hitany ka nanao hoe: Isaorana anie ny Mpanjaka, Izay avy amin'ny anaran' i Jehovah. Fiadanana any an-danitra, ary voninahitra any amin'ny avo indrindra.

## Indray mipika





**Nanatontosa ny pejy**

Nil : Tel: 033 07 465 05




*Tantara sy sary:* Nil

## Ohabolana



**Ny faty mpanazaka-zaka, ary ny aretina vadin-koditry ny olombelona.**

La mort est une poursuivante, et la maladie est inséparable des hommes.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2919

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | | 1 | 7 |
| | | | | 8 | | | 3 | |
| 6 | | | 1 | | | 5 | | 9 |
| | 7 | | 4 | | | | | |
| | 6 | 3 | | 2 | | | | 8 |
| | | 1 | | 5 | | | 7 | 3 |
| 4 | 8 | | | | | | | |
| | | 5 | | | 4 | | | 6 |
| | | | | 9 | | 1 | | |

Valin'ny laharana 2918

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | 5 | 4 | 3 | 2 | 1 | 7 | 8 | 6 |
| 7 | 1 | 6 | 4 | 5 | 8 | 3 | 2 | 9 |
| 8 | 2 | 3 | 7 | 6 | 9 | 1 | 4 | 5 |
| 1 | 6 | 7 | 5 | 4 | 3 | 8 | 9 | 2 |
| 2 | 3 | 9 | 8 | 1 | 6 | 5 | 7 | 4 |
| 4 | 8 | 5 | 2 | 9 | 7 | 6 | 3 | 1 |
| 6 | 7 | 1 | 9 | 8 | 4 | 2 | 5 | 3 |
| 3 | 4 | 2 | 6 | 7 | 5 | 9 | 1 | 8 |
| 5 | 9 | 8 | 1 | 3 | 2 | 4 | 6 | 7 |

"Nos Enfants Extraordinaires"

# Notoloran'ny Mizara Soa Am-pitiavana fanampiana



Tonga nitsidika sy nahatsiaro manokana ny fikambanana « Association Nos Enfants Extraordinaires » ny mpanorina fikambanana « Association Mizara Soa Am-pitiavana », ny Tale jeneralin'ny Champion Society, ary ny filoha Akaikin'ny mpanakanto. Ny alahady lasa teo no nanao dinika ho fampandrosoana an'ilay akany « Nos Enfants Extraordinaires » izy ireo sady nitondra izay mba voatsirambin'ny tanana ho fanohanana ireo zaza, manana aretina « autiste ». Nandritra izany no nanoloran'ireto fikambanana mpanao asa soa fitaovana fampiasa amin'ny andavan'andro, toy ny vary sy fitaovam-pianarana, sakafo. « Tanjona tianay hapetraka ny mba hampitovy an'ireo ankizy ireo ho tahaka ny rehetra. Etoana ihany koa dia manao fanentana ho an'izay tsara sitrapo izahay mba ho tia hanao soa amin'ny madinika », hoy ny mpitarika ny fikambanana « Mizara Soa Am-pitiavana ». Nisaotra sy nankatelina izao hetsika izao ny akany « nos enfants extraordinaires » satria nahatsapa izy ireo fa ilaina ny tohana sy ny fifanampiana. Tsara homarihina fa zaza 13 isa no tezaina , araha-maso ao amin'ilay akany.

**Ariel D.**

## Tatsy sy taroa

***#Tokantrano iray tao amin'ny fokontany Anavoha, kaominina Ambondro, distrikan'Ambondrombe, no notafihan'ny dahalo nirongo fiadiana ny alahady alina lasa teo.*** Avy hatrany dia niditra an-keriny tao amin'ilay trano ireo dahalo. Notifirin'ireo dahalo avy hatrany ilay rangahy tompon-trano sy olona hafa tao an-trano. Rehefa hitany fa tsy nihetsika intsony ilay rangahy dia nosavainy tamin'izay ny tao an-trano. Toa efa fantatr'ireto olon-dratsy mantsy fa manana basim-borona ilay rangahy ka io no notadiavin'izy ireo sy namonoany azy. Lasan'ireo dahalo ilay basim-borona ka rehefa izany dia nitsoaka haingana izy ireo. Maty tsy trà-drano vokatry ny tifitra nahazo azy moa ilay rangahy tompon-trano. Olona roa hafa koa naratra voatifitra ary efa nalefa notsaboina any amin'ny hopitaly.

**R.C**

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 16 020- 04 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

### Poulet roti

**Zavatra ilaina :** akoho, moutarde, saosy soja, vinaigre, siramamy, tongolo gasy, vaingan-tsira kely

**Fomba fahandroana azy :** atambatra ao anaty koveta lehibe ny : moutarde, saosy soja, vinaigre, siramamy, tongolo gasy, vaingan-tsira kely. Dia kapohina mba hifangaro tsara. Didina kely ny nofon' akoho dia anitrihana hasina tongolo gasy. Tsara raha alona mandritra ny alina rehefa noharoharoina tsara. Rehefa vita izay dia ahandroina amin' ny lafaoro 180 degré amin'ny afo ambony sy ambany. Hosorana menaka matetitetika ny vatan'ny akoho mandrapahitanao hoe masaka ilay izy.

## MANAMPY ANAO

**PERMANENCES**
**01 au 07 avril 2023**

**PHARMACIE DE GARDE**
**Périphérie d'ANTANANARIVO**
**24H/24H et 7j/7**

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

**A.M.I.T.**
BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

**OSTIE**
AMBOHIMANARINA TEL 23 253 78
TANJOMBATO TEL 22 464 87/22 477 61

**AMBULANCE**
- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 /033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
-AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

**HOPITAUX ET CLINIQUES**
- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMA-NANDRAIBE
- IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- LINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 22 271 47

## Fantina

Tamotamo

# Azo itsaboana ny homamiadana

*Anisan'ny aretina mampatahotra ny maro tokoa ny homamiadana amin'izao fotoana izao satria betsaka ny voany. Tsara ho fantatra anefa fa manampy amin'ny fitsaboana homamiadana ny tamotamo, araka ny fikarohan'ny manam-pahaizana. Ankoatra an'io dia aretina maro ihany koa no sitrany ary tena tsara ho an'ny fahasalamana ny fihinanana azy.*



Ny tamotamo (curcuma) dia akora fampiasa ao andakozia hanomezan-tsiro ny sakafo. Manome loko mavo manaingo ny sakafo ihany koa izy. Matetika ampiarahina amin'ny dipoavatra sy sakamalao ny fampiasàna azy, izay mampiakatra tsara ny tsirony. Vovony na vodiny kikisana no ampiasaina ka iray sotrokely isan'andro no tokony ho sahaza. Azo atao ditè(infusion) ihany koa anefa izy ary atao rano fisotro. Mampangotraka rano 150ml dia asiana vovoka tamotamo 1,5g ary avela hangotraka 15 minitra eo. Sotroina 2 kaopy isan'andro. Ahitàna singa maro ao amin'ny tamotamo, izay tsara ho an'ny fahasalamana mihitsy na ny any anaty izany na ny ety ivelany.

### Homamiadana

Manala ireo poizina ratsy ao amin'ny vatana ary mampitony ny fanaintainana ny tamotamo. Noho izany indrindra no nampiasàna azy hitsaboana ny homamiadana araka ny fikarohana nataon'ireo manampahaizana. Ny fihinanana ny tamotamo matetika dia afaka miaro amin'ny homamiadana ihany koa raha mbola tsy voa. Ireo efa voa moa dia tena ilaina ny fihinanana azy na atao amin'ny sakafo izany na sotroina.

### Vavony

Maro ihany ireo olona tratran' ilay antsoina hoe "ulcères gastriques", na vavony efa maratra. Mampijaly ireo marary vavony tokoa izany. Ny tamotamo dia manampy amin'ny fitsaboana io aretina io, satria misy singa afaka mamono ireo bakteria mamotika ny vavony ka miteraka ilay ratra. Ilaina araka izany ny fihinanana tamotamo matetika raha tratran'ity aretina ity.

### Mitsabo ratra

Araka ny efa voalaza tetsy ambony dia mamono ireo bakteria miteraka ratra ny tamotamo. Noho izany dia azo ampiasaina tsara amin' ny fitsaboana ny ratra ety ivelany izy. Raha misy maratra na marary amin'ny hoditra dia mampiasa vovoka tamotamo. Asiana rano kely ka rehefa mahazo paty marihitra dia iny no apetaka amin'ilay ratra, efa voadio mialoha. Azo atao masaka ihany koa izy hanalàna ny mony sy ny tasy amin'ny tarehy na amin'ny hoditra.

### Aretin-kibo

Mampijaly ihany koa ny aretin-kibo rehefa tratrany izay. Ny fanadihadiana natao no nahafantarana fa noho ireo singa hita ao amin'ny tamotamo dia azo itsaboana ny aretin-kibo izy. Fomba fampiasàna azy. Manao dite(infusion) tamotamo dia sotroina indroa isan'andro. Azo ajanona avy hatrany rehefa sitrana.

## TELEFAONINA ILAINA

- MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE OXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY - TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUMTEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins
- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL
- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

CENTRE DE CONSULTATION AROVY ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

**POMPIERS**
- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

**POLICE SECOURS - GIR**
- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

**COMMISSARIATS**
- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
-3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22


HUISSIERS
- MAITRE RAKOTONOMBANA BAHOLY LOT III E 39 AMPATSAKANA - TEL 034 18 690 20
- MAITRE RANDRIAMBOLOLONA DELACY LOT30 A IMERINAFOVOANY TEL 032 41 860 50/ 34 468 05

Fandraharahana ara-bola

# Nitombo ireo mpifaninana ao Avaradrano

*Ity no masoivohon'ny CEM faha-25 manerana ny Nosy.*

Maro ireo banky sy ivontoerana misehatra amin'ny fandraharahana ara-bola ao amin'ny distrikan'Antananarivo Avaradrano. Notokanana omaly, teny Andrononobe Analamahitsy, ny masoivoho vaovaon'ny CEM (Caisse d'Epargne de Madagascar). *"Marina fa be dia be ireo mpifaninana, saingy manana tanora sy fikambanana maro izahay liana amin'ny tolotra omen' ny CEM."*, hoy ny lefitry ny Ben'ny tanànan'Ilafy. Ity no masoivohon'ny CEM faha-25 manerana ny Nosy ary fahefatra eto Antananarivo. *"Efa tao anatin'ny telo taona lasa izahay no nahazo ny fahafahana manao fampindramam-bola ary mpikambana teo amin' ny 3 000 no efa nisitraka izany. Ny antony dia ny mba hampandrosoana ny lafiny ara-tsôsialy sy ara-toekaren' ny fianakaviana sy ny mpiaramiasa madinika. Misy eo amin'ny iray tapitrisa latsaka kely ireo mpikambana ato aminay, izay manana kaonty misokatra eo amin'ny 1,2 tapitrisa. Hatramin'ny fotoana nisian'ny CEM tao anatin' izay 100 taona izahay, dia mitentina 432 miliara Ariary ny fitambaran'ny vola mipetraka anaty kaonty tahiry. Manomboka amin'ny 1,75 ka hatramin'ny 4 isanjato ny tahan'ny zanabola amin'ny fanaovana kaonty tahiry ary eo amin'ny 19 isanjato ny tahan'ny zanabola amin'ny fanaovana findramam-bola."*, hoy ny sekretera jeneralin'ny CEM, Andriamamantsoa Claude. Sivy mianadahy ireo mpiaramiasa manodina ity masoivoho vaovao ity, izay ahitana ireo tolotra fanaovana tahiry sy fandefasam-bola iraisam-pirenena ary fampindramam-bola.



**Nisokatra nanomboka omaly ny masoivohon'ny CEM eny Andrononobe Analamahitsy.**

**R. Muray**

Unicef

# Nanolotra fitaovana famokarana fandaharana ho an'ny haino aman-jerim-panjakana

Tontosa omaly tetsy Anosy ny fanaovan-tsonia fifanaraham-piaraha-miasa teo amin' ny Unicef sy ny minisiteran' ny serasera sy ny kolontsaina ka nanatanteraka izany ny solontena maharitry ny Unicef eto, Basse Jean François, sy ny minisitra Andriantongarivo Rakotondrazafy Lalatiana. Nisy ihany koa fanolorana fitaovana famokarana fandaharana natolotry ny Unicef ho an'ny haino aman-jerim-panjakana RNM sy TVM. Mitentina 66 tapitrisa Ar ireo fitaovana ireo ka tanjona amin'izany ny hisitrahan'ny zaza malagasy manerana ny Nosy ny zony amin'ny famokarana fandaharana maro samihafa. Eo anivon'ny fahitalavitra TVM dia misy ny fandaharana antsoina hoe "ankizy mandalina", izay mandeha isam-bolana ary maharitra 52 minitra. Efa nisy tao amin'ny TVM ny fandaharana fa nitondrana fanatsarana kosa anefa. Hita ao anatin'izany ny fanentanana ny ankizy hahafantatra bebe kokoa ny tontolo manodidina azy, fitsidihana orinasa sy sehatr'asa azony atao aoriana ao, ary fijerena toerana manan-tantara eto amintsika. Tanjona amin' izany ny fampahafantarana amin'ireo ankizy ny zo hianatra, hisitraka fahasalamana, sakafo ary indrindra ny milalao. Ho an'ny Radio Madagasikara kosa, nomena aim-baovao ny fandaharana "henoy ange izahay e", izay tontosain'i Daniella ary mandeha isaky ny alarobia havira. Ankizy no asaina manolotra sy manentana azy. Marihina fa efa nisy ny fiaraha-miasa teo amin'ny roa tonta teo aloha, saingy tapaka noho ny tsy fahaizamitantana izany saingy izao efa niverina izao.

**Nath**




**Hampiroborobo ny fisitrahan'ny zaza malagasy ny zony izao fiaraha-miasa izao.**

"Nosy Boraha Jazz Festival"

# Hetsika iray hampiroboroboana ny fizahantany

Hanomboka anio ary haharitra hatramin'ny 10 aprily 2023 ny hetsika ara-javakanto, ara-toekarena ary aratsosialy ao Nosy Boraha Jazz Festival. Marolafy ity hetsika andiany fahefatra ity ary manana tanjona ny hampahafantatra an'i Madagasikara manerana an'izao tontolo izao, indrindra fa i Ste Marie. Mandritra ireo 6 andro ireo dia am-polony ireo mpanakanto handray anjara, ka anisan' izany i Denise, Lalatiana, Fanja Andriamanantena, miaraka amin'ireo mpanakanto vahiny nasaina manokana dia ilay "percussionniste" brezilianina Edmundo Carneiro, "pianiste" italiana Kekko Fornarelli, "saxophoniste" frantsay Gael Horellou ary hotronin'ireo mpiangaly mozika jazz Malagasy maro vao misandratra sy efa manana ny lazany. Manodidina ny 7 000 ireo mpijery andrasana amin'ity hetsika ity ka samy hitondra anjara biriky amin'ny fampandrosoana ny faritra izy rehetra ireo. Misy ireo handeha fiaramanidina fa misy ihany koa anefa ireo handeha fiara izay hanainga anio ka hijanona ao Andasibe. Avy eo indray dia mandeha masinina hatrany Toamasina, izay hiavaka kely satria hisy ny fampisehoana hatao mandritra ny dia. Rehefa eo Mahambo kosa dia mandeha sambo miampita any Ste Marie ary any no tena hisy ny fampisehoana hiarahana amin'ireo kalaza rehetra sy vahiny avy ampitan-dranomasina. Hahazo vahana ny toekarena satria betsaka ireo tanora hahazo asa, hiroborobo ny fizahantany anatiny sy ivelany ary ho ren-tany ny lazan' i Madagasikara. Nentanina hitondra boky ireo mpanakanto vahiny ka hozaraina any amin'ny tranom-boky misy any an-toerana izany.

**Nath**

Fiomanana amin'ny paka

# Nanomboka omaly ny herinandro masina

Nanomboka omaly ny fanamarihana ny herinandro masina ho an'ny mpino FJKM sy ny FLM. Misy ny fotoampivavahana atao isan'andro eny anivon'ny fiangonana rehetra ka manomboka amin'ny 6 ora hariva izany. Ny alahadin'ny sampankazo no mampiditra antsika amin'ny herinandro masina ho an'ny katolika. Ankalazaina mandritra ity herinandro ity ny asam-pamonjena nataon'i Kristy, izany hoe ny misterin'ny fanavotana ny olombelona. Ho an'ny katolika dia ny alakamisy no manomboka ny fanompoam-pivavahana ka ny alakamisy maraina, dia ankalazaina manokana ny fijoroan'ny fisoronana, na ny sakramentan'ny filaharana. Mandritra izany, manavao ny fanomezan-toky amin'ny Eveka ny Pretra rehetra manoloana ny evekan'ny diosezy. Ny alakamisy hariva kosa no manomboka ny hateloana masin'ny paka, ka ao anatin'izany ny fahatsiarovana an'i Kristy nanasa ny tongotry ny Apostoly ary nanome ny didim-pitiavana hoe: Mifankatiava ianareo fa izany no ahalalana fa mpianatro ianareo. Tamin'io fotoana io ihany koa no namoronan'i Jesoa Kristy ny sakramentan'ny Eokaristia ary misy ny fiambenana masina. Ny zoma masina indray no ahatsiarovana ny nijalian'i Jesoa Kristy sy ny nahafatesany teo amin'ny hazofijaliana. Tsy misy ny lamesa na eokaristia amin'io andro io fa fotoam-pivavahana tsotra, satria maty teo amin'ny hazofijaliana i Kristy. Mangina be amin'io zoma masina io ary tsy misy lakolosy. Izany fahanginana izany dia mitondra antsika amin'ny fifaliana lehibe amin'ny Paka, izay andro fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty. Manomboka ny sabotsy masina ny fankalazana ny paka izay tohizina ny alahadin'ny paka, fety lehibe ho an'ny mpino kristianina manerana an'izao tontolo izao, satria nandresy ny fahafatesana ny Tompo.

*Manomboka amin'ny 6 ora isan'andro ny fotoam-pivavahana*

**Nath**

midigazetikom@gmail.com

SOCIETE GENERALE MADAGASIKARA

AVIS DE VENTE AU PLUS OFFRANT

La **SOCIETE GENERALE MADAGASIKARA** met en vente aux plus offrants les véhicules suivants :

| MARQUE-MODELE | DATE MISE EN CIRCULATION | INFORMATION TECHNIQUE | PRIX MINIMUM DE VENTE AR TTC |
|---|---|---|---|
| HYUNDAI TUCSON | 2006 | **SUV 4*2**, 5places Moteur Diésel, BVM, vitres électriques, clim, autoradio, verrouillage centralisé, jante ALU Etat : Problème système de refroidissement, début d'usure demi-moteur, carrosserie moyen état | 5 625 000 |
| CHEVROLET Spark | 2008 | **Citadine,** 5places Moteur ESS, BVM, vitres semi électriques, clim, verrouillage centralisé Etat : problème embrayage, pare huile transmission... | 6 750 000 |
| RENAULT DUSTER | 2011 | **SUV 4*4,** 5places Moteur Diésel, BVM, vitres électriques, clim, autoradio, verrouillage centralisé, jante tôle Etat : épaves, moteur en panne, carrosserie en bon état | 6 460 000 |
| RENAULT DUSTER | 2011 | **SUV 4*4,** 5places Moteur Diésel, BVM, vitres électriques, clim, autoradio, verrouillage centralisé, jante tôle Etat : injecteur en panne, carrosserie en très mauvais état | 7 078 000 |
| HYUNDAI IX35 | 2012 | **SUV 4*4,** 5places Moteur Diésel, BVM, vitres électriques, clim, autoradio, verrouillage centralisé et à distance, jante tôle, banquette arrière rabattable Etat : défaillance au niveau de la boite de vitesse, carrosserie en bon état | 8 075 000 |
| CHEVROLET Spark | 2015 | **Citadine,** 5places Moteur ESS, BVM, vitres semi électriques, clim, verrouillage centralisé Etat : problème demi-moteur, carrosserie en bon état | 6 750 000 |
| CHEVROLET Spark | 2015 | **Citadine,** 5places Moteur ESS, BVM, vitres semi électriques, clim, verrouillage centralisé Etat : problème culasse, kit de distribution | 6 750 000 |

Ces véhicules sont visibles du lundi au vendredi de 08 heures à 15 heures à MALAZA Andoharanofotsy sur rendez-vous uniquement au numéro **034 05 787 02**. Tous les véhicules sont vendus en l'état.

L'offre financière est à remettre au Siège de la **SOCIETE GENERALE MADAGASIKARA, 14 rue du Général Rabehevitra, Antaninarenina** – A l'attention du **Responsable Logistique** sous pli fermé avec la mention « **Avis de vente au plus offrant – Véhicules Avril 2023** », **au plus tard le vendredi 21 avril 2023 à 16 heures.**

G CL 478/1-1


Promo
Pâques
3-10
Aprily
Aloavy @MVola ny tsena
sy ny faktioranao
Famerenana Frais
100%
TSINDRIO NY #111*1#
NA AMPIASAO NY APP
* Famerenana ny frais ny 11 Aprily
MIARA-DALANA AMIKO
ISAN'ANDRO
MVola